## Ny Valosoa sy hadihady

### Zava-doza ataon'ny fitondrana Rajoelina

# Tsy takona afenina ny fanodinkodinana saim-bahoaka ataony

Tsy takona hafeninana intsony ny fanodinkodinana ny saim-bahoaka amin'ny fomba rehetra, entina hanafenana ny zava-doza ataon'ny fitondrana. Ankoatry ny rediredy nampidina ambany dia ambany ny fiandrianan'ny Firenena, tany amin'ny Fivoriamban'ny Firenena Mikambana tany New-York dia mbola manohy ny fieboeboana fa hahavita zavatra goavambe ihany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ato anatin'ny herintaona sisa tavela ijanonany eo amin'ny fitondrana. Tsy nisy nahita tokoa ny nanombohan'izao fitondrana izao ny fanarenana ny Trano Vola ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana. Tsy misy valaka tamin'ny nanorenan-dRajoelina Andry, tamin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Kolontsaina sy Serasera, ny « Colisée ». Nanota fady indray izao fitondrana izao, ka efa nanomboka antsokosoko ny fanorenana ny « Trano Vola » ao anaty Rova. Ny tena manahirana dia tsy tena fitiavana ny hamelomaso ny vakoka sy ny soatoavina malagasy ny an'ny minisitry ny Serasera, fa te-hametraka ny dian-tànany fa nahavita zavatra teto amin'ny Firenena izy, ka ho fantatry ny « zanakamaparany » ny anarany. Antananarivo anefa tsy Madagasikara, ka nahoana no tsy sahy mikitika ny "Doany" na "Tranobe" any amin'ny Faritra izao fitondrana izao. Azo inoana mantsy, fa fantatr'izao fitondrana izao, fa hirotaka ny Ampanjaka sy ny mponina raha hanao izany izy. Iaraha-mahita fa hazo avokoa ny akora nentina nanorina ny "Trano Vola" sy ny "Doany" ary ny "Tranobe", ka tsy hanana ny "hasiny" intsony raha soloina "parpaings sy "béton" izany akora izany. Efa manakiana izao ataon'ny fitondrana izao ny taranaky ny Andriana eto Antananarivo ary inoana ihany koa, fa tsy maintsy hanao hetsika hanoherana izao tsy fanajana ny soatoavina izao ireto farany. Tokony ho ao an-tsaina mandrakariva fa matoa ny firenena any ivelany, toa an'i Japon sy Angletera ohatra, mandroso sy mahasarika mpizahatany ny vakoka any aminy dia tsy mametraka "architecture" vahiny ao anatin'ny toerana mampiavaka azy amin'ny hafa izy. Tsy misy marina tsy atao hiseho tokoa satria dia miara-mipoitra amin'ity raharaha Rovan'i Manjakamiadana ity ny solika mitapoka solitany fandrehitra, ka ny manahirana dia voasambotsambotra sy ampidirina any am-ponja ny olona heverina fa asaina manao ny asa fotsiny kanefa ny atidoha mikotrika sy ny tomponantoka dia mitsotsotra any ihany. Raha olona mahalala ny hasin'ny ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana izany dia tsy ho sahy hikitikitika ao mihitsy. Tsy mbola voasambotra ireo mpiasa ireo kanefa loza mitatao ho azy ireo izany. Teny Ivato ny filohan'ny Repoblika ny alarobia lasa teo dia nanambara fa hividy angidimby iray ho an'ny Tafika an'habakabaka, hono. Mihevitra ny filohan'ny Repoblika fa adinon'ny Malagasy fa angidimby folo no nampanantenainy tamin'izany fotoana izany ary entina hiady amin'ny dahalo izany. Soa fa tsy nolazainy tany amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, fa raha vao tafaverina eto Madagsikara izy dia hividy angidimby toa ny fanamboarana ny lalàmbe migodàna hatomboka afaka volana vitsivitsy. Nivoaka ihany koa ny fampidirana mpiasam-panjakana marobe tsy azo eritreretina kanefa asa raha ho tafiditra amin'ny sorabola ao amin'ny lalàn'ny fitatantanambola lasitra 2023 izany ary misy toerana banga (postes budgétaires) mifanaraka amin'izany ve? Ny manahirana dia misy amin'ny mpiasam-panjakana amperin'asan'ny departermanta sasany aza tsy voaloa ny karamany, ka fampanantenana entina isarihana ny sain'ny tanora indray izany, mba hifidy an-dRajoelina Andry amin'ny fifidianana 2023. Asa koa raha ho voafehin'ny fitondrana ny fanodinkodinam-bolam-bahoaka izay heverina fa be lavitra noho izay navoakan'ny IGE tamin'ny fomba ofisialy ho dimapolo miliara ariary mahery. Homena tombony manokana hono ny sehatry ny fampianarana noho ny rediredy tany amin'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, ka tiana harenina sy hitadiavana toeramboninahitra ho tompondaka indray ny filohan'ny Repoblika. Maro ireo tranga sy hetsika ataon'ny fitondrana izay manamarina, fa tadiaviny havily tsy hieritreritra ny loza mianjady aminy ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo, ka hampiesonina amin'ny fampanantenana poakaty toy ny fanaony. Ka na inona na inona fahaizana manetsa dia tsarovy mandrakariva fa hafa ny anio sy ny omaly.

**Andry Tsiavalona**

Transparency International Madagasikara

# Mitaky ny fandaniana ny lalàna fahazoan'ny daholobe misitraka vaovao

Toy ny firenena maro eran-tany, nankalaza ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fahafahan'ny daholobe misitraka vaovao isika eto Madagasikara. Ho fankalazana izay andro iraisampirenena ho an'ny fahafahan'ny daholobe misitraka vaovao izay teo tamin'ny alakamisy 29 septambra teo dia nanao hetsika ny Transparency International - Initiative Madagascar, sy ireo mpiantsehatra miaraka aminy, tamin'ny alalan'ny fanaovana diabe nilamina nanomboka teny Analakely ka hatrany Antaninarenina. Izany dia mba ho fitakiana koa ny fandaniana ny lalàna momba ny fahazoan'ny daholobe misitraka vaovao mahakasika ny fitantanan-draharaham-panjakana, sy ny lalàna mikasika ny mpiaro ny zon'olombelona, sy ny mpisintona lakolosy izay mifampiankina. Tamin'ny alalan'ny diabe nilamina izay notanterahana afak'omaly dia mitaky ny fiarahamonim-pirenena, mba handinihana sy handaniana ireo lalàna ireo mandritran'ny fotoampivorian' ny Antinimiera roa tonta, amin'ny vola oktobra ho avy izao izy ireo. Ireo lalàna ireo dia singa fototra hahafana mampandroso ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara.

**Isambilo**




*Ny diabe am-pilaminana nokarakarain'ny Transparency International Initiative Madagasikara.*

## TONONKALO

### Ny mpitondra sy ny fikaonandoham-pirenena

Fikaonandoham-pirenena, izany indray izao no malaza,
Saingy ny mpitondra, hatreto, mody mifanahin-jaza.
Ahodinkodiny ny saina ho amin-java-tsisy fotony.
(Mihevitra izy fa tsy ho sarona irony tetika malotony !)

Tsy azo afenina mihitsy f`izy aloha dia lava tanana,
Ka tsabahiny daholo raha vao resa-pifidianana.
Efa olona nomaniny ireo hiandraikitra an`izany :
Ny avo, ny mpikarakara, hatramin`ny sefom-pokontany!

Raha vao hoe fikaonan-doha no tanisaina na tenenina,
Tena mihovitrovitra izy sao ho vaky ny nafenina,
Ka averiny ireo fomba nampiasainy tany aloha,
Fa tanjony ny hampandamoka ity ilay hoe fikaonandoha!

Fikaonandoham-pirenena , izany indray izao no mahoraka.
Ny mpitondra anefa, indrisy, vao mandre dia efa mivoraka!
Toa tsy zakany mihitsy izany handia lala-mazava,
Noho ilay toetrany efa zatra ny manimba sy mandrava !

…Aoka izay ny famitahana sy ny karazana hafetsena.
Ataovy ny fikaonandoha ho fanarenam-pirenena.
Raha handà indray ny mpitondra f`efa izany no talentany,
Tsara ho azy dieny izao raha toa ahorony ny entany !

**DADAN`i RIANA (Sept 2022)**

PETITE VITESSE

# Tadiavin'i Vazahabe ho tapahana ny sotro fihinanan' ny mpivarotra

Mitokona amin'izao fotoana ireo mpivarotra eny amin' ny Petite Vitesse, satria nesorin'ny kaominina teny amin'ny toeram-pivarotany izy ireo, nefa tsy misy akory ny vahaolana aroson'ny kaominina Antananarivo Renivohitra hoy ireto mpivarotra ireto. Arak'izany, tadiavin'i Vazahabe ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina ho tapahana ny sotro fihinanan'ireo mpivarotra, ka mahatonga azy ireo mitokona sy mitroatra izao. Nahery fiteny mihitsy ireto



*Ny hetsik'ireo mpivarotra teny amin'ny Petite Vitesse.*

mpivarotra ireto nandritra izany, nambarany fa ataon'ny fiadidiana ny tanàna ho toy ny alika izy ireo, asaina mankary dia mankany, halefa mankatsy dia mandeha, tsy afamanoatra. Izany no nahatonga izao hetsika nataon' izy ireo izao omaly. Fotom-piveloman'ny olona no kitikitihan'i Vazahabe sy ny ekipany, ka anisan' ny mampipoaka sarom-bilany. Teny Ampasika koa afak'omaly, efa nanao ny hadalany tamin'ny mpitarika sarety ny Polisy Monisipalin'i Vazahabe, nitroatra ireo sarety sy ny mponina, ka tonga hatramin'ny hoe : «Miala Rajoelina». Hiafara amin'izany ihany ny zava-misy eto, satria efa tena mijaly ny vahoaka nefa tsy raharahian'ny fitondrana Rajoelina mihitsy.


**Stefa**

Filaminam-bahoaka

# Nifarana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena

Nofaranana omaly sy afak' omaly ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy. Raha fanompoampivavahana iraisam-pinoana no nanombohana ny hetsika faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena dia toy izay ihany koa no no nentina namaranana ny fankalazana tetsy amin'ny Cathédrale Immaculée Andohalo . Tonga niara-niombom-bavaka teny antoerana ny Ministiry ny Filaminam-bahoaka mivady sy ireo lehibe isan-tsokajiny eo anivon'ny Polisim-pirenena ary ireo olo-manan-kaja ambony sivily sy miaramila. Nitohy omaly ny hetsika, ka nanamarika izany, nisy ny hazakazaka ara-pirahalahiana nataon' ny Polisim-pirenena niainga tetsy amin'ny Gara Soarano nanomboka tamin'ny 06 ora maraina ary nihazo ny Kianja Barea Mahamasina. Ny hariva, nisy ny fiaraha-mifaly teny amin'ny Espace Rose niarahana tamin'ny tarika Ambondrona. Samy nanana ny nanamarihany an'izay famaranana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy izay ihany koa ny tany amin'ny faritra.

**Isambilo**



*Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana, anisan'ny namaranana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Polisim-pirenena Malagasy.*